# Antsipiriany tsara ho fantatrao mialoha ny fandalinana

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

| Andinin-tsoratra masina hohalalinina | Antsipiriany tsara ho fantatrao mialoha ny fandalinana ny andinin-tsoratra masina |
|---|---|
| Asan'ny Apostoly 1:23–26 | Nivory mba hifanakalo hevitra momba ny olona izay hisolo an'i Jodasy Iskariota ka ho lasa iray amin'ireo Apôstôly Roambinifolo ny Apôstôly sy ireo mpanara-dia hafa an'i Kristy. |
| Asan'ny Apostoly 2:37–43 | Raha niangona tao Jerosalema ireo Apôstôly fotoana fohy taorian'ny niakaran'i Kristy tany an-danitra, dia nirotsaka tamin'izy ireo tsirairay tamin'ny fomba mahery vaika ny Fanahy Masina (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:1–8). Nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy i Petera rehefa heniky ny Fanahy (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:14–36). Ity andinin-tsoratra masina ity dia mamariparitra ny fiantraikan'io firotsahan'ny fanahy io tamin'ny olona maro izay nanatri-maso izany. |
| Asan'ny Apostoly 3:1–8; 4:8–10 | Nifanena tamin'ny lehilahy nalemy tongotra anankiray tany amin'ny tempoly tao Jerosalema i Petera sy i Jaona. |
| Asan'ny Apostoly 5:12–16 | Efa nampitandrina ireo Apôstôly ny mpitarika Jiosy mba tsy hiresaka intsony momba an'i Jesoa Kristy (jereo ny Asan'ny Apostoly 4:13–18). |
| Asan'ny Apostoly 5:17–25 | Nogadraina i Petera sy i Jaona rehefa avy nanohy nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy nanao fahagagana tamin'ny anarany. |

- Inona ny zavatra nianaranao momba an'i Jesoa Kristy avy tamin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ka nisy fiantraikany teo amin'ny finoanao sy ny fahatokisanao Azy?
- Ahoana ny fomba hanehoan'ireo zava-nitranga ireo fa nitarika ny Fiangonany tamin'ny alalan'ireo Apôstôliny ny Mpamonjy?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Details You Need to Know before Study.*
Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.